



FAMAH? Fampandrosoana an'i Madagasikara, Ahoana ny Hevitrao?

Manoloana ny fifidianana Filohan'ny Repoblika izay hatrehin'ny olompirenena Malagasy amin'ity taona ity, ao anatin'ny fanatanterahana ny tetik'asa « Olompirenena ho tompon'antoka tanteraka amin'ny fandraisan'andraikitra manoloana ny fifidianana ho avy », dia nanantontosa fanangonan-kevitra **“FAMAH? Fampandrosoana an'i Madagasikara, Ahoana ny Hevitrao?”** momba ireo laharam-pahamehana ho fampandrosoana an'i Madagasikara ny “KMF/CNOE- Fanabeazana olompirenena”.

Ny fanangonan-kevitra dia notanterahina manerana ireo distrika miisa 119 manerana ny Nosy tamin'ny alalan'ny fanadihadina isam-baravarana sy ny fametrahana boatin-kevitra teo anivon'ireo Tànana miisa 1767 tamin'ireo fokontany 880 tao anatin'ny kaominina miisa 273. Nialoha ny fanangonan-kevitra dia nisy fampahafantarana sy fanentanana ny olompirenena momba ireo andraikitra ny Filohan'ny Repoblika.

Ny tanjon'ny hetsika “FAMAH?” ankoatr'ireo fanangonan-kevitra mikasika ireo laharam-pahamehana ho fampandrosoana an'i Madagasikara eny ifotony, dia natao hanairana ny hambompon'ireo olompirenena ny amin'ny maha zava-dehibe ny fifidianana Filohan'ny Repoblika sy ny fanehoana safidy tompon'andraikitra.

Ny hetsika “FAMAH?” koa dia tolo-tànana avy amin'ny KMF/CNOE-Fanabeazana olompirenena ho an'ireo mpirotsa- ko fidiana ho Filohan'ny Repoblika izay mikatsaka ny fampandrosoana miainga eny ifotony ahafantarany ny marary ny olompirenena any ambany ravinkazo any.

Nosokajiana ho 63 ny isan'ny hevitra voangona. Olompirenena miisa 35550 no nandray anjara ka 35 hatramin'ny 60 taona monina amin'ny tontolo ambanivohitra ny maro tamin'izany. Nisongadina ary fa ny fandriam-pahalemana, ny fanamboarana sy fanavaozana lâlana ary ny fanafoanana ny kolikoly no tena nibahana tamin'ireo laharam-pahamehana avy amin'ireo olompirenena teny ifotony.

“Madagasikara Mandroso no Tanjona! Koa am-bava homana, am-po mieritreritra”

Antananarivo, faha-04 oktobra 2018

Ny Birao Nasionaly KMF/CNOE- Fanabeazana olompirenena

**Safidiho androany,
Hoaviho ampitso !**